**FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA**
**2 – 8 SEPTAMBRA 2015**

-------------------------------------------------------------------------------------------------------------------*Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.*

**VAOVAO NISONGADINA**

**FIFIDIANANA KAOMINALY**

Ny fifidianana kaominaly no mitàna ny lohalaharana hatrany amin'ny vaovao any amin'ny haino aman-jery malagasy. Voamarina izany tamin'ny habetsahan'ny fitoriana napetraka tany amin'ireo Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana miandraikitra ny fanapahana mikasika ny fifanolanana amin'ny fifidianana. Tsy nisalasala mihitsy ireo tompon'andraikitra any amin'ireo Fitsarana ireo nanome tany amin'ny haino aman-jery ny daty amoahana ny vokatry ny fifidianana sy ny fivoaran'ny fandinihana ny antontan-taratasy. Tao amin'ny renivohitr'i Madagasikara, ny Fitsarana dia nanao fotoam-pitsarana araka ny fangatahan'ny kandidà Lalatiana Rakotondrazafy mba hanesorana an-daharana ny mpifaninana aminy Lalao Ravalomanana. Ny haino aman-jery **FREE FM** izay iasan'ny kandidà Lalatiana Rakotondrazafy dia nanararaotra izany mba hanalàna baraka ny Filohan'ny Repoblika teo aloha Marc Ravalomanana mba hahavoazana ny vadiny Lalao Ravalomanana. Ny fanambaràna ny vokatra raikitra ao Fianarantsoa dia ho amin'ny 15 septambra hoy ny filohan'ny Fitsarana tao amin'ny **Radio TSIRY**. Rehefa nanatrika ny fotoam-pitsarana teo anatrehan'ny mpisolovavan'ny antoko MAPAR sy ny antoko HVM, ny mpanao gazetin'ny radio **RFONE** dia nanamarika fa ny mpitsara dia mionona amin'ny fanajana ny lalàna ary nijery ny votoatin'ny antontan-taratasy. Ny mpisolovavan'ny antoko MAPAR kosa dia nilaza ny tsy fahaiza-manaon'ny CENIT satria be loatra ny tsy fanarahan-dalàna hita fototra nandritra ny fanisam-bato tany amin'ny birao fandatsaham-bato. Raha ny vaovao re mikasika ny fitoriana dia nisy teny manindrona natao tamin'ny kandidàn'ny antoko HVM tany amin'ny faritanin'i Toliary sy Mahajanga. Ny fantatra aloha dia hatao ny 18 septambra ny fanambaràna ny vokatra ofisialy hoy ny haino aman-jery **M3TV** ao Mahajanga. Ny kaomisera ao amin'ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana ao Mahajanga dia nilaza fa ny antontan-taratasy fitoriana napetraka teo anivon'ny Fitsarana dia mety hisy fiantraikany amin'ny vokatry ny fifidianana rehefa nanontaniana ny mikasika an'izay izy. Ny **Radio JOSVAH** ao Taolagnaro dia nitatitra ihany koa fa ny fanambaràna ny vokatra ofisialy dia hatao afaka dimy ambin'ny folo andro, araka ny loharanom-baovao avy amin'ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana. Farany, araka ny tatitra nataon'ny **TV VARATRAZA** dia mandeha tsara ny fandinihana ny antontan-taratasy fitoriana napetraka tao amin'ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana ao Antsiranana. Ny filohan'io fitsarana io dia nilaza mazava fa

antontan-taratasy fitoriana 24 tamin'ireo 162 napetraka no nodinihina. Ary ny fanambaràna ny vokatra ofisialy dia hatao ny 18 septambra hoy izy.

**MISAVOROVORO NY FAMPIANARANA AMBARATONGA AMBONY**

Ny akon'ny fisamborana nampiasan-kery ny mpitarika ny hetsiky ny mpianatra, Jean Pierre Randrianamboarina, dia heno any amin'ireo haino aman-jery ao Antananarivo sy any amin'ny faritra hafa. Ao Taolagnaro, ireo mpanao gazetin'ny **Radio LAFA** sy **JOSVAH** dia manamafy sy milaza ireo minisitra izay nifandimby teo ho tsy nahita mihitsy ny vahaolana mahomby sy maharitra tamin'ireo hetsika lavareny ary ireo mpitandro filaminana izay nampiasa hery. Mihetsika ihany koa ny ao Mahajanga, ny fikambanan'ny mpianatra dia manameloka ny fampiasana hery tamin'i Jean Pierre Randrianamboarina tao amin'ny haino aman-jery **VIVA**. Ny **TV VARATRAZA** ao Antsiranana dia nilaza ny tsy fitovian-kevitra teo amin'ireo mpianatra ao amin'ny Oniversiten'Antsiranana sy ireo mpitandro filaminana, taorian'ny fisamborana tanora mihoa-pefy 16, tompon'antoka tamin'ny halatra sy fihetraketrahana tamin'ny mpitandro filaminana iray. Ny vaovao tao amin'ny **Radio SITENY** sy tao amin'ny **Radio UNIVERSITE** ao Toliara dia niompana tamin'ny Kaoferansan'ny filoha sy rektoran'ny Toeram-pampianarana ambaratonga ambony izay nanapaka ny hampianarana manomboka ny herinandron'ny 7 septambra. Na izany aza dia nihevitra ny hanohy ny fitokonana ny mpampianatra hatramin'ny 14 septambra ho avy izao mandra-panaovan'ny minisitera voakasika sonia ny taratasy fifanekena, miantoka ny fanomezana fahafaham-po ny fitakiana nataon'izy ireo. Ireo radio sy televiziona ao amin'ny renivohitra malagasy dia niditra lalina tamin'ny famakafakana io vaovao io tamin'ny fanomezana fitenenana ireo vahoaka samihafa. Ny mpanao gazetin'ny haino aman-jerim-pirenena arak'izany dia namela ireo antokom-panjakana hiteny, raha toa ny **FREE FM**, **ANTSIVA** ary **VIVA TV** ka nampiteny ny mpahay lalàna, tamin'ny alàlan'ny mpisolovavan'ny mpianatra sy ny solombavambahoaka Hanitra Razafimanantsoa, izay nilaza fa i Jean Pierre Randrianamboarina dia niharan'ny herisetran'ny mpitandro ny filaminana. Niroso tamin'ny fanadihadiana araka ny lalàna ihany koa ny mpanao gazetin'ny **FREE FM**, ka velom-panontaniana ny amin'ny fahamarinam-pototry ny fiampangana natao tamin'ilay mpitarika ny fitokonana.

**FOTOTRY NY DISADISA**

Tena fototry ny disadisa tanteraka ny fanjakan'ny tsy fandriampahalemana, noho ny fahamaroan'ny tranga taterina, misongadina manokana ny tao amin'ny haino aman-jerim-paritra **RTV SOAFIA** sy **RFONE** nilaza ny vokatry ny fanafihana enina mitam-basy tao anatin'ny roa volana monja tao Fianarantsoa. Ny firongatry ny tsy fandriampahalemana dia mitoetra ho isan'ireo lohahevi-baovao resahina ao amin'ny fandaharana ampandraisam-pitenena **Malagasy Tompon'andraikitra** ao amin'ny **Radio SOAFIA**. Mitebiteby ny vahoakan'i Fianarantsoa, indrindra ny fikambanan'ny mpivarotra ITSITO ao amin'ny faritr'Imady, izay nitondra sora-baventy manoloana ny toeram-ponenan'ny niharam-boina, mpandraharaha ara-toekarena iray, mba hanehoan'izy ireo ny hatezerany. Nohararaotin'ny mpitati-baovaon'ny televiziona **VIVA Antananarivo** ny fisian'izany hetsika izany ka nanapa-kevitra ny hirona tamin'ny filaza navoaka mikasika izany toe-javatra izany izy na dia teny mandranitra fitsaram-bahoaka aza. Ny **TV VARATRAZA** kosa dia nanao tombana momba ireo hetsika fisafoana notanterahin'ny mpitandro ny filaminana tao amin'ireo kartie tena mafana tao an-

tampon-tanànan'i Diégo, izay nitarika fisamborana olon-dratsy miisa efatra. Na izany aza, ny tsy fahombiazan'ny mpitandro ny filaminana sy ny lesoka eo amin'ny fandriampahalemana ifotony indrindra no tena voatenin'ny mpihainon'ny **Radio SOAFIA** sy ny mpanao gazetin'ny radio **ANTSIVA** Antananarivo, izay miampanga *ny mpitandro ny filaminana « ho nanao valifaty tamin'ny vahoaka taorian'ny nahafatesan'ny namany tany Ankazoabo Atsimo »*. An-kilaometatra maro miala an'io, tao amin'ny **Radio SITENY**, ny prefen'i Toliara tampon-tanàna Edmond Lahinirivo dia nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety mba hanehoany ny heviny mikasika ny fanafihana mpivady mpivarotra izay nitranga ny 31 aogositra lasa teo tao amin'ny kartien'i Mahavatse I. Namporisika ny vahoaka hilaza ireo zavatra mampiahiahy eo amin'ny fihetsiky ny mpitandro ny filaminana io manampahefana ao amin' ny tanànan'i Toliara io ary nampahatsiahiviny tamin'izany ny andraikitr'ireto farany, hahay hitandro ny filaminam-bahoaka amin'ny tsy fandraisana anjara amina heloka bevava. Mifanohitra amin'izany kosa, io radio io dia nanome alalana ny commissaire central de police ao Toliara, Ruffin Lebiria haneho ny fahombiazan'ny polisy mikasika ny ady amin'ny asan-jiolahy.

## FILAZA TSY MENDRIKA

Ny fifidianana kaominaly dia mbola mitana ny lohaharana amin'ny fampitam-baovao, indrindra any amin'ireo haino aman-jerim-paritra. Noho io fitanana ny laka amin'ny fampitam-baovao io, ny mpanao politika, indrindra fa ireo kandidàn'ny antoko HVM dia tsy afa-bela amin'ireo filaza mahatafintohina. Tao amin'ny **DREAMIN'TV** Mahajanga, ny kandidà roa tao amin'ny kaominina ambanivohitr'i Tsarajomoka dia niampanga ny kandidàn'ny HVM ho nisotasota ny fampielezan-keviny ary nolazainy fa ireo no tompon'antoky ny fisian'ny hosoka tamin'ny fifidianana. Tsy naneho hevitra kosa ny mpanao gazetin'io haino aman-jery io manoloana izany filaza tsy ara-dalàna izany. Tao tampon-tanànan'i Toliara, niely ny tsaho fa ny kandidà Jean Rabehaja izay notohanan'ny antoko HVM dia tsy nahaloa ny hetrany nandritra ny roa taona ary noho izany dia nametrahana fitoriana teo anivon'ny Fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana ao an-toerana. Manoloana izany tsaho izany, ny mpanao gazetin'ny **Radio LE BUFFET** dia nilaza ny mety ho fitsimbadihan'ny voka-pifidianana, eny ny fanafoanana ny fifidianana mihitsy aza. Torak'izay ihany no hita tao amin'ny **Radio TSIRY** izay nilazan'ny mpandinika fiarahamonina Doda Razanabary fa "*ny Fanjakana dia manana ny hoenti-manana rehefa ilainy izany, toy ny tamin'ny fampielezan-kevitra tamin'ny fifidianana kaominaly, izay nandanian'ny fitondrana Hery Rajaonarimampianina vola tsy toko tsy forohana ho an'ireo kandidàn'ny HVM*".

**Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :**

Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu
Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu
Site web : www.incipals.eu